REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

# TATITRY NY FILAN-KEVITRY NY MINISITRA MANOKANA MIKASIKA NY FANAMBOARANA NY LALAM-PIRENENA SY NY LALAN'ANTANANARIVO

*Zoma 07 jolay 2023 – Lapam-panjakana Ambohitsorohitra*

Nisy ny Filan-kevitry ny Minisitra manokana notarihin'Andriamatoa Filohan'ny Repoblika, Andry RAJOELINA, natrehin'Andriamatoa Praiminisitra Lehiben'ny Governemanta sy ny Minisitry ny Asa vaventy, ary ny Minisitry ny Serasera sy ny Kolontsaina amin'ny maha-mpitondra tenin'ny Governemanta azy.

Ny fanamboarana ny lalam-pirenena RN2, RN4, RN6, RN7, RN9, RN11 ary RN14 sy ny lalana eto Antananarivo Renivohitra no laha-dinika tamin'izany. Ankoatra ny asa fanamboarana ampahany izay efa mandeha amin'izao fotoana izao amin'ireo lalam-pirenena ireo, dia nankatoavin'ny Filan-kevitry ny Minisitra fa hisy ampahany hafa fanampiny ihany koa hirosoana ny fanamboarana azy ary horaisin'ny Fanjakana an-tanana ny famatsiam-bola azy madiodio (ressources propres internes -RPI) :

**Lalam-pirenena RN2:**

- PK 11+000 ka hatrany amin'ny PK 78+100
- Lalana mandalo ny tampon-tananan'i Moramanga.
- PK 218+000 ka hatrany amin'ny PK250+000 eo anelanelan'Antsampanana ka hatrany Brickaville

**Lalam-pirenena RN4 :**

PK403+000 ka hatramin'ny PK460+000

**Lalam-pirenena RN6:**

PK32 ka hatramin'ny PK409+100

**Lalam-pirenena RN7:**

PK258+000 mandalo an'Ambositra ka hatramin'ny PK311+000 Ambodiala

**Lalam-pirenena RN9 :**

**Nankatoavin'ny Filan-kevitry ny Minisitra ny hirosoana amin'ny fanombohana ny fanamboarana ny tetezana Mangoky, taorian'ny tolo-bidy dia ny orinasa CRBC izay nahazo ny tsenan'asam-panjakana no hisahana azy.** Hanomboka amin'ny faran'ny volana Jolay ny asa fanamboarana ity tetezana lava indrindra eto Madagasikara ity. Ankoatra izay dia efa madiva hifarana koa ny fanamboarana ny lalam-pirenena RN9 ary hotokanana tsy ho ela.

**Lalam-pirenena RN11 :**

Fanamboarana ireo tena lavaka (points noirs) no hatao eo anelanelan'i Mananjary ka hatrany Nosy-Varika.

**<u>Lalam-pirenena RN14 :</u>**

- Fanamboarana ireo tena lavaka (points noirs) eo anelanelan'ny PK17 ka hatramin'ny PK 92 izay mandalo ireo faritra 2, Vatovavy sy Fitovinany ary tonga hatrany Ifanadiana sy Ikongo.

**<u>Lalana Antananarivo Renivohitra</u>** : efa misy ny asa fanamboarana mandeha amin'izao fotoana izao, fa manampy izany dia misy ampahan-dalana miisa 11 no nankatoavin'ny Filan-kevitry ny Minisitra fa hirosoana ihany koa ny fanamboarana azy.

**Natao ny 7 jolay 2023**
Ny Mpitondra Tenin'ny Governemanta
Minisitry ny Serasera sy ny Kolontsaina
**Lalatiana RAKOTONDRAZAFY**

Ny Mpitondra Tenin'ny Filoham-pirenena,
Talen'ny Serasera sy ny Fifandraisana amin'ny Daholobe
Ny Fiadidiana ny Repoblika
**Lova Hasinirina RANOROMARO**